# NY AMIN'IREO MPAMPIANATRA SANDOKA



Lesona 12 hatao ny 19 Septambra, 2026



"fa tsy avy amin' ny nofo ny fiadian'ny tafikay, fa mahery amin'Andriamanitra handrava fiarovana mafy" (2 Korintiana 10:4)

Nataon'i Paoly ho anisan'ny iraka ihany koa hahazo hatrany, vaovao mahakasika ny fiangonana. Nahoana? Mba hahafantarana izay mila fanampiana, famangiana, fampiononana, na teny fampaherezana (2 Kor. 11:28).

Indraindray izy dia nampahafantarina ny amin'ireo mpampianatra sandoka izay mahatonga ny mahatoky hangozohozo. Voatohina ny apostoly rehefa mitranga izany (2 Kor. 11:29).

Ao amin'ny faran'ny taratasy faharoa ho an'ny Korintiana, no iresahan'i Paoly an'io olana momba an'ireo mpampianatra sandoka ireo. Ahoana no ahafahantsika mahafantatra azy ireo? Ahoana no hiadiana amin'izy ireo amin'izao ady ara-panahy izao? Ahoana no handresena azy ireo?





**Ady ara-panahy:**

- Fiadiana entina miady (2 Korintiana 10:1-11)
- Fiarovana tsara (2 Korintiana 10:12-18)

**Miatrika ireo mpampianatra sandoka:**

- Mpamitaka manova endrika ho apostoly (2 Korintiana 11:1-15)
- Paoly sy ireo mpampianatra sandoka (2 Korintiana 11:16-31)
- Fandinihan-tena sy fandresena (2 Korintiana 12:14-13:10)

# ADY
# ARA-PANAHY





# FIADIANA ENTINA MIADY



"fa tsy avy amin' ny nofo ny fiadian'ny tafikay, fa mahery amin' Andriamanitra handrava fiarovana mafy" (2 Korintiana 10:4)

Nampangaina ho kanosa sy tsy mahatapa-kevitra i Paoly rehefa mifanatrika mivantana, nefa dia mahatahotra erý izy rehefa manoratra ny taratasiny (2 Kor. 10:10).

Ho famaliana izany, dia nanambara mazava i Paoly fa afaka ny ho hentitra izy rehefa mifanatrika mivantana na ao amin'ny taratasy, nefa tsy hanambany tena hampiasa "fiadiana araka ny nofo" izy (toy ny fanamparam-pahefana, famaizana ara-nofo, na fandokan-tena), fa kosa hampiasa irery ihany ny fiadiana "mahery amin'Andriamanitra" (2 Kor. 10:2-4).

Ao anatin'izany "fiadiana" izany ny fanetren-tena sy ny fahamoram-panahy araka an'i Kristy (Mat. 11:29). Ao ihany koa ny fijoroana amim-pahatokisan-tena manoloana ny tsy mety, toy izany nataon'i Jesosy (Mat. 21:12-13), na ny fitenenana amim-pahasahiana raha ilaina izany. (Mat. 23:23-27).





Ny fahefan'i Paoly dia nomen'i Kristy azy, izay ho hampiasainy mandrakariva ho fampiorenana, fa tsy ho fandravana(2 Kor. 10:8).

# FIARОVANA TSARA

"Fa tsy izay midera tena no ankasitrahana, fa izay derain'ny Tompo" (2 Korintiana 10:18)




Nampandoa vola be ny mpianatra izay te hianatra aminy ireo filozofa Grika. Mba hahazoana ireo mpianatra ireo, dia mirehareha ny amin'ny fahalalany izy ireo, ny amin'ny toerana misy azy eo amin'ny fiarahamonina, na ny amin'ireo olona manadanja izay fantany ary manaja azy. Ary toy izany no fomba fanaon'ireo mpampianatra sandoka tafiditra tao Korinto (2 Kor. 10:12; 11:19-20).



Fa i Paoly kosa tsy mba nampandoa vola tamin'ny fizarany ny fahalalany. Tsy nanolotra taratasy fanolorana izy, sady tsy nirehareha ny amin'ny tenany. Ka dia noheverina ho ambany izy noho izany! Ahoana no ahafahany miaro tena?


Toa nila noderaina teo anatrehan'ny Korintiana izy vao ho azo eken'izy ireo. Kanefa tsy izy no tokony hidera ny tenany (Ohab. 27:2). Navelan'i Paoly ho Andriamanitra no midera azy (2 Kor. 10:18).

Raha misy zavatra tokony hireharehantsika na hiderantsika tena, dia ny fahalalana an'Andriamanitra sy ny fankatoavana Azy (Jer. 9:24; 2 Kor. 10:17).









# MIATRIKA IREO MPAMPIANATRA SANDOKA

# MPAMITAKA MANOVA ENDRIKA HO APOSTOLY

"Fa Apostoly sandoka izy ireny, mpiasa mamitaka, ka dia mampiova ny endriny ho tahaka ny Apostolin'i Kristy" (2 Korintiana 11:13)



Fanirian'i Paoly ny hitondra fiangonana madio ho an'i Kristy (2 Kor. 11:2). Saingy tandindomin-doza ho voafitaka ny fiangonana, toa an'i Eva, ka tsy ho fofombadin'i Jesosy intsony (2 Kor. 11:3).



Inona marina ilay loza? Jiosy izay milaza ny tenany ho "apostoly ambony indrindra" an'i Jesosy no tonga tao Korinto nampianatra "Jesosy hafa," "fanahy hafa," ary "filazantsara hafa". (2 Kor. 11:4-5; Gal. 1:8).




Ny fitorian'ny olona iray an'i Jesosy dia tsy midika akory fa maneho tokoa an'i Jesosy izy, araka izay voambaran'ny Baiboly. Mety hahatalanjona ny fiteniny, nefa Satana koa dia mahay miteny mahatalanjona sy maneho ny tenany ho toy ny "anjelin'ny mazava" (2 Korintiana 11:14).



Mampianatra "ny fahamarinan'i Kristy" amin'ny alalan'ny fihetsiny sy ny teniny, ny mpampianatra marina (2 Kor. 11:9-10). Fa ny mpampianatra sandoka kosa, izay miseho ho mpivavaka, dia mpiasa mamitaka manova ny endriny ho toy ny apostoly (2 Kor. 11:13-15).

# PAOLY SY IREO MPAMPIANATRA SANDOKA

"Hebreo va izy? Izaho koa. Isiraelita va izy? Izaho koa. Taranak'i Abrahama va izy? Izaho koa." (2 Korintiana 11:22)



Inona no fitoviana misy eo amin'i Paoly sy ireo mpampianatra sandoka? Samy Jiosy niova fo ho Kristiana izy rehetra (2 Kor. 11:22).

Inona no tsy fitoviana misy eo amin'izy ireo? Eto no manomboka ny hadalan'i Paoly: "Mpanompon'i Kristy va izy? (miteny toy ny olona very saina aho) mihoatra noho izy aho" (2 Korintiana 11:23). Raha nirehareha ny amin'ny fahoriana niaretany noho ny filazantsara ireo, dia mihoatra lavitra noho izany i Paoly: nokapohina; natao am-ponja; tandindomin-doza ny ainy; notorahina; vaky sambo; saika nahita loza isan-karazany; niaritra hanohanana, hetaheta, hatsiaka ary fitanjahana; feno fiahiana ny amin'ny fiangonana (2 Kor. 11:23b-29).

Ary eto no mifarana ny "hadalan'i" Paoly. Tsy te haneho endrika maneho izy fa ny antony fireharehany dia noho izay nataony ho an'i Kristy. Ny tena reharehany (na voninahitra) dia izay efa nataon'i Kristy ho azy.




Tao amin'ny fahalemeny no nitoeran'ny heriny, izay nahatonga azy hiantehitra tanteraka amin'i Jesosy (2 Kor. 11:30-31; 12:6-10).

# FANDINIHAN-TENA SY FANDRESENA

"Diniho ny tenanareo, na mitoetra amin'ny finoana ianareo, na tsia; izahao toetra ny tenanareo. Moa tsy fantatrareo va ny amin'ny tenanareo, fa ao anatinareo Jesosy Kristy, raha tsy olona nolavina ianareo?"
(2 Korintiana 13:5)

Mihantomotra ny fotoana hamangian'i Paoly an'i Korinto. Inona no ho hitany ary ahoana no tokony hataony? (2 Kor. 13:1-2).



Vonona hampihatra mafy ny fitsipika mifehy ny fiangonana i Paoly: mba hamerenana ny tsy mibebaka, ary hamaizana ireo mafy loha.

Ny tahotrany, amin'ny fahatongavany, dia ny hahita fifandirana sy ota samihafa. Natahotra izy sao hitomany ny amin'ireo mpanota tsy mibebaka (2 Kor. 12:20-21).

Noho izany, mialoha ny fahatongavany, dia tokony hisaintsaina sy handinika ny tenany ny Korintiana (2 Kor. 13:5).





Ho an'i Paoly, dia nivavaka ho azy ireo izy mba tsy hanao izay ratsy intsony izy ireo, fa hanao izay tsara sy ho tanteraka (2 Kor. 13:7-9).

“Ny vahoakan'Andriamanitra dia tarihina ho eo amin'ny Soratra Masina izay fiarovana ho azy amin'ny fitaomana mangina avy amin'ny mpampianatra sandoka sy ny hery mamitaka ampiasain'ny fanahin'ny fahamaizinana. Mampiasa izay fitaka rehetra azony atao i Satana mba hisakanana ny olona tsy hahalala ny Baiboly, izay manambara mazava ny fitaka ataony. Isaky ny misy fifohazan'ny asan'Andriamanitra, dia mientana hanao asa bebe kokoa ny andrianan'ny ratsy; ankehitriny izy dia manao ny fiezahany mafy indrindra mety ho vitany amin'ny ady farany ataony amin'i Kristy sy ny mpanaraka Azy. [...] Hifanahaka akaiky indrindra amin'ny tena izy ny hala-tahaka ka tsy ho hay ny hanavaka azy raha tsy amin'ny alalan'ny Soratra Masina ihany. Tsy maintsy sedraina amin'ny fanambarany ny filazana atao sy ny fahagagana rehetra.”

EGW (Hery Mifanandrina, p. 619)